

11 MAY 2010.
27 Iyar 5770.

Ny didiny.

« *Ary Jesosy nanatona dia niteny taminy ka nanao hoe: Efa nomena Ahy ny fahefana rehetra any an-danitra sy etỳ an-tany; koa mandehana ianareo, dia ataovy mpianatra ny firenena rehetra, manao batisa azy ho amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka ary ny Fanahy Masina, sady mampianatra azy hitandrina izay rehetra nandidiako anareo; ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao* » (Matio 28:19,20)

Hiasa eo amin'ny vahoakany ny Tompo raha mamela ny Fanahy hitarika izy ireo toy izay hihevitra hampiasa ny Fanahy . « *Ary ankehitriny, ry Isiraely ô, inona moa no ilain'i Jehovah Andriamanitrao aminao, afa-tsy ny hatahotra an'i Jehovah Andriamanitrao sy ny handeha amin'ny lalany rehetra ary ny ho tia Azy sy hanompo an'i Jehovah Andriamanitrao amin'ny fonao rehetra sy ny fanahinao rehetra, hitandrina ny didin'i Jehovah sy ny lalàny izay andidiany anao anio, mba hahita soa ianao?* » (Deotornomia 10:12,13)

Manana andraikitra manetriketrika sy masina ho tanterahina ny vahoakan'Andriamanitra eto amin'ity izao tontolo izao ity.Efa atomotra ny farany. Tokony handroso ny hafatra.Manana fijoroana vavolombelona mazava sy entitra amin'ny maha mpanompo mahatoky azy ny zanak'Andriamanitra. Tsy tokony hovana ny fahamarinana .Tsy mampanalavitra antsika mihitsy ny famindrampo sy ny fitiavan'Andriamanitra ny fahasoavany. Ny herin'i Satàna ihany no miasa amin'io fomba io. Rehefa nitory teny Kristy dia tahaka ny sabatra maranitra mahatratra ny feon'ny fieritretetan'ny olona ny hafatra nentiny ka mampihanjanja ny ao antsainy miafina ao. Ireo mpanompo mahatokin'i Kristy dia tokony haka tahaka izany koa ka hitory ny teny ampahatsorana, tsy misy fangaroaro ary ampahamarinana tanteraka ka mankatò ny asa nanirahana azy. Tokony hiambina ny fanahy izy ireo satria hampamoahana an'izany indray andro any . Tsy tokony hafeniny ao ambadiky ny hoe « *Izao no lazain'i Jehovah* » ny fahendrena avy amin'ny olombelona. Satria mampalemy ny heriny izany ka tsy hampisy hery azy tsy ahafahany manao na inona na inona hampanekena ny fahotàna. Ny teny rehetra notononina vokatry ny fanatrehan'ny Fanahy Masina dia hampisy akony amin'ny famonjena ny fanahy. (-- Messages choisis vol. 2 p 180 – 181.)

«Ny firaisan-tsaina no herin'ny fiangonana. Fantatr'i Satàna izany koa dia manao ny fomba rehetra izy hampisy fisaraham-bazana. Faniriany raha misy fikorontanana ao amin'ny fiangonanan'Andriamanitra. Ny resaka momba ny firaisan-tsaina dia tokony hojerena akaiky. Inona no fanafody hanasitranana ny fisaraham-bazana sy ny adilahy ? Ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra.

Nasehon'Andriamanitra ahy fa tsy tokony hanitriketrika ny tsy fitovian-kevitra izay mandemy ny fiangonana isika. Nanome fanafody izy hanasitranana ny adilahy. Asehoy fa zanak'Andriamanitra isika satria manamasina ny Sabatany. Araka ny Teniny dia ny Sabata no marika ahafantarana ny vahoakany dia ireo izay mitandrina ny didiny. Noho izany ny vahoakan'Andriamanitra dia mitahiry ao aminy ny fahalalàna marina ny Mpamorona. Ireo izay mitandrina ny lalàn'Andriamanitra dia miandany Aminy eo amin'ilay ady lehibe nanomboka tany an-danitra teo amin'i Satàna sy Andriamanitra. Rehefa mandà ny fiandrianan'Andriamanitra dia mitsivalana amin'ny fitsipiky ny lalàn'ny lanitra.

Ny zavatra rehetra mikasika an'Andriamanitra dia tokony heverin'ny vahoakany fa masina...Nanolotra ny fiainany Kristy hanavotana izao tontolo izao mpanota. Ireo izay hitoeran'ny fanahin'i Kristy dia haniry hiasa ao amin'ny sahan'ny Tompo. Tsy hiasa any amin'izay toerana nofidiany ihany izy fa antsoina ho mpandraharaha hendry sy mahatoky ka ny hahavitan'ny asa nanirahan'i Kristy azy no manahirana azy indrindra. Taloha kelin'ny niakarany tany an-danitra, nandidy ny mpianany ny Mpamonjy hitory any amin'ny firenena rehetra, amin'ny vahoaka rehetra; amin'ny fiteny rehetra ka hanomboka ao Jerosalema. Nampiany hoe « *Ary, indro, Izaho momba anareo mandrakariva ambara-pahatongan'ny fahataperan'izao tontolo izao.*» (Matio 28 : 20). -- Messages choisis vol. 2 p. 182

